



**TOLO-PEHIN-KEVITRA laharana faha-02-R/2019  
mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Etika sy  
ny Deôntôlôjia an'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara**

**Atolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny andraikitra maha-Solombavambahoaka no miantoka ny fitokisan'ny vahoaka. Ny Solombavambahoaka dia manana adidy amin'izay nanome fahefana azy sy ny olom-pirenena Malagasy, toy ny fandalana ny lalàna sy ny foto-kevitra etika amin'ny fametrahana ny tombontsoam-bahoaka ho ambonin'ny tombontsoan'izy ireo manokana. Zon'ny Malagasy ny mitoky tanteraka amin'ny olom-boafidiny eo amin'ny resaka fitsipika etika izay tsy maintsy arahiny. Zony koa ny manantena fa ireo Solombavambahoaka dia olom-banona, marina, mahalala ny asa andrandraina aminy, tsy mitanila ary tomponandraikitra eo amin'ny fanatanterahany ny andraikitra maha-Solombavambahoaka azy ireo.

Mba hitandroana ny fitokisan'ny vahoaka, dia mety raha manaraka fitsipika etika sy deôntôlôjika miditra amin'ny antsipirany ny Solombavambahoaka ary mandala izany dingan'ny etika izany amin'ny fainan-tsamireriny.

Efa ampolo taonany izay no tsy nitsahatra nitontongana ny fahitan'ny vahoaka ny Antenimierampirenena noho ny antony samihafa, indrindra fa ny tsy fisian'ny fitsipika etika sy momba ny deontojia faran'izay tsotra.

Tokony ho tsapan'ny olom-pirenena ny fanarahany'ny Solombavambahoaka ny fitsipika etika sy deôntôlôjika raketin'ity tahirin-kevitra ity, arahin'ny fampiharana izany tanteraka avy amin'ny rantsa-mangaika voaomana ho amin'izay. Ity Fehezan-dalàna ity no hametrahana miandalana ny fahatsapana ny fisiana sy ny fitokisana amin'ny Solombavambahoaka amin'ny fomba mety indrindra.

Amin'ny fotoana ieritrerentsika hiaraha-manova ny tantaran'ny firenentsika sy handaozantsika ireo fanao ratsy taloha dia mety kokoa ny Antenimierampirenena raha manana Fitsipika etika sy deontolojika mifanaraka amin'ny « SOATOAVINA malagasy» ary koa amin'ny fenitra manieran-tany nandraisany ny Antenimierampirenentsika anjara tamin'ny fitondrany ny anjara birikiny tamin'ireo asa nataon'ireo fikambanana lehibe iraisan'ny parlemanta toy ny Fikambanana Iraisan'ny Parlemanta, ny Antenimieran'ny Tany miteny sy/na mampiasa ny teny frantsay, ny Parlemanta Iraisan'i Afrika sy ny maro hafa koa.

Izao Fehezan-dalàna izao dia tsy misolo ny zo sy ny tombontsoa manokana ary ny zo tsy ho azo enjehina an'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena fa milaza sy manamafy izany aza.

Ity Fehezan-dalàna ity dia tsy mikendry ny hametra ny fahefana omen'ny lalàna ny Biraon'ny Antenimierampirenena.

Amin'ny maha-solontenan'ny vahoaka azy ireo, ny Solombavambahoaka dia tsy maintsy mijoro ho fakan-tahaka ka izany dia ampitainy amin'ireo mpikambana hafa amin'ireo Andrim-panjakana. Miankina amin'io ny maha-eken-teny azy eo amin'ny andraikiny amin'ny maha-mpanao lalàna, mpanara-maso ny asan'ny governemanta ary mpanao ny fanombanana ny politikam-panjakana azy ireo.

Hatramin'izao dia ireo fepetra mifandraika amin'ny etika sy ny deôntôlôjia dia miparitaka eny amin'ireo sompi-kevitra eo amin'ny lafiny lalàna, toy ny lalàna fehizoro mikasika fomba fisahanana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny lalàna mikasika ny antoko politika, ny Fitsipika anaty mifehy ireo antenimieran'ny Parlemanta, izay tonga tsy amin'izay niheverana azy ny fanatanterahana izany. Ny tombony amin'ity Fehezan-dalàna momba ny etika sy ny deôntôlôjia ity dia izy mamory izany amin'ny sompi-kevitra iray mba hiantohana ny fahatanterahana azy. Fanampin'izany, fanovana goavana entiny ny fametrahana rafitra iray mahaleo tena misahana ny fanaraha-maso sy ny fampiharana izany.

Toy izany ny anonanton'ity Volavolam-pehin-kevitra ity.



**TOLO-PEHIN-KEVITRA laharana faha-02-R/2019  
mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Etika sy  
ny Deôntôlôjia an'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara**

**Atolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

Araka ny Lalàmpanorenana :

Araka ny Hitsivolana laharana faha-2014-001 tamin'ny 18 aprily 2014 anaovana ny lalàna fehizoro amerana ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierampirenena, novaina tamin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-034 tamin'ny 09 febroary 2015,

Araka ny Fehin-kevitra laharana faha- 01-2019/R mikasika ny Fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena,

Araka ny Fanapahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha- 16-HCC/D3 tamin'ny 5 septambra 2019 mikasika ny Fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena,

Ny Antenimierampirenena dia nandany izao Fehin-kevitra manaraka izao :

**LOHATENY VOALOHANY  
TANJONA SY FAMPIHARANA ARY FIVOASANA**

**Andininy voalahany** : Ity Fehezan-dalàna ity no ilazana ireo soatoavina lehibe sy ny etika nidiran'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara ho mpikambana, izy ity no amoahana ireo fitsipiky ny deôntôlôjia ary mamaritra ny enti-mihetsika amin'ny fampiharana ,etsy andaniny, ary ny sazy etsy ankilany.

**Andininy faha-2** :Ny Mpandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia no miandraikitra ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity ary eo ambany fahefan'ny Antenimierampirenena.

**LOHATENY II  
SOATOAVINA SY FOTO-KEVITRA ETIKA**

**Andininy faha-3:** Ireto avy ireo soatoavin'ny Antenimierampirenena:

- Fitiavan-tanindrazana,

- Fandalana ny lalàna,
- Fandalana ny adidy aman'andraikitra.

**Andininy faha-4 :** Ireto avy ireo toeatra fototry ny etikan'ny Antenimierampirenena:

- ny fanajana ny fisaraham-pahefana;
- ny fanajana ny zon'olombelona;
- ny fiotsahana amin'ny fiarovana, fanabeazana voho ny tombontsoan'ny firenena amin'ny fanatanterahany ny andraikiny araka izay voafaritry ny Lalàmparenorena toy ny fandaliana lalàna, fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta, ny fanombanana ny politikam-panjakana;
- ny fifanajana eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena sy fanajana ireo mpiasam-panjakana eny amin'ny Antenimierampirenena;
- ny fitoerana ho mahatoky eo anatrehan'ny vahoaka malagasy, fananana toeatra hentitra ary ny finiavana ho tonga foana eo amin'ny fanatanterahany ny andraikiny;
- ny fanajana ny teny nomena ary koa ny fiaviany ara-politika.

**Andininy faha-5 :** Eken'ny Solombavambahoaka fa ireo soatoavina sy ireo toeatra fototry ny etika ireo no mitarika azy amin'ny amin'ny fanatanterahany ny andraikitra maha-olom-boafidy azy.

Izy ireo dia mandala ny fanarahan-dalàna eo amin'ny fanatanterahany ny andraikiny sy ny fitondrantenany.

**Andininy faha-6:** Asehon'ny Solombavambahoaka fa tonga foana manefa ny andraikiny izy araka izay voatondro ao amin'ny Fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena.

### **LOHATENY III IREO FITSIPIKY NY DEÔNTÔLÔJIA AMPIHARINA AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

**Toko voalohany  
Tsy fahafaha-mampirafy andraikitra**

**Andininy faha-7:** Tsy azo ampirafesina aminy ny asam-panjakana rehetra hafa tsy ny fampianarana.

Ankoatra izay voalazan'ny Lalàmparenorena, tsy azo ampirafesina amin'ny andraikitra maha-Solombavambahoaka izay fisahanana asa, toeatra na andraikitra hafa mifandraika amin'ny fahazoana karama na tombontsoa asolo karaman'ny:

- Governemanta, orindrahaham-panjakana na an'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- firenen-kafa iray.

**Andininy faha-8** : Alohan'ny handraisany ny andraikiny, raha toa ka misy ny Solombavambahoaka voakasiky ny tsy fahazoana mampirafy asa amandraharaha voalaza eo amin'ny andininy faha-7, teo amin'ny fotoana nahalany azy, dia miala amin'ny andraikitra tsy azo ampirafesina amin'ny raharaha sahaniny izy.

### **Toko 2 : Fanambarana anton'asa**

**Andininy faha-9** : Tsy maintsy ambaran'ny Solombavambahoaka ao amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny MPIANDRAIKITRA ny etika sy ny deontolôjia izay anton'asa, ara-barotra na industrialy, nataony nandritra ny 12 volana mialoha ny nahavoafidy azy.

Tsy maintsy lazainy ny anton'asa eritreretiny hotazomina mandritra ny mahaolom-boafidy azy, na anton'asa aman-draharaha izany na fiahiana ny tombontsoam-bahoaka, andraisam-bola na tsia.

Anaovana fanambarana koa ny anton'asan'ny vadiny sy ny an'ny zanany, ny an'ny mpiara-miasa ary ny an'ny mpanampy azy.

**Andininy faha-10** : Ny fanambarana anton'asa voarakitra ato amin'ity toko ity dia atao eny amin'ny toerana tongan'ny besinimaro araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-21 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha-2014-001 anaovana ny Lalàna fehizoro andraiketana ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierampirenena, novaina tamin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2014-034 tamin'ny 09 febroary 2015.

### **Toko 3 : Fifangaroana andraikitra**

**Andininy faha-11** : Tsy azon'ny Solombavambahoaka atao ny misitraka tombontsoa mamily lalana ny fahaleovantenany eo amin'ny fieritreretany ao anatin'ny fanatanterahana ny andraikiny.

**Andininy faha-12** : Eo amin'ny fanatanterahany ny andraikiny dia tsy azon'ny Solombavambahoaka atao ny:

- manao hetsika, manandrana manao hetsika na tsy manao hetsika ho fanomezana laka ny tombontsoany manokana, ny an'ny ankohonany na an'ny iray amin'ireo zanany na manararaotra manao izany ho an'olon-kafa;
- mampiasa ny andraikiny hamiliviliana na hanandramana hamiliviliana ny fanapahan-kevity ny olona iray ho fanomezana laka ny tombontsoany manokana, ny an'ny ankohonany na an'ny iray amin'ireo zanany na manararaotra manao izany ho an'olon-kafa;

Azon'ny Solombavambahoaka atao kosa anefa ny :

- manana tombontsoa ao amina orinasa iray izay mandray anjara amin'ny tsenan-draharam-panjakana rehefa mampahfantatra mialoha ny

- Mpiandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia ;
- manana taratasy fanekena hametra-bola aparitaky ny Gouvernemanta na sampanasam-panjakana iray amin'ny fepetra mampitovy ny besinimaro.

**Andininy faha-13:** Amin'ny raharaha niantsoana ny Antenimierampirenena na ny Vaomieran'ny parlemanta misy azy, izay Solombavambahoaka mahatsapa tena ho manana tombontsoa manokana sy ara-bola miavaka amin'ny an'ny Solombavambahoaka rehetra na miavaka amin'ny an'ny vahoaka, raha toa ka ao amin'ny fivoriana izy, dia mandao ny fivoriana fa tsy mampiasa ny zony handatsabato na mandray anjara amin'ny adihevitra momba izany raharaha izany.

Tsy maintsy mampahafantatra ny toetoetr'izany tombontsoa izany ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Mpiandraikitra ilay Solombavambahoaka rehefa misy ny toy izany.

#### **Toko 4 : Karama sy fanomezana ary tombontsoa tsy araka ny tokony ho izy**

**Andininy faha-14:** Tsy misy Solombavambahoaka mahazo mangataka, mamorona, manaiky na mandray na inona na inona tombontsoa ho azy na ho an'olon-kafa ho tambin'ny firotsahana an-tsehatra na fiandaniana amin'izay raharaha iantsoana azy haneho ny heviny, indindra fa amin'ny raharaha azo ampiakarina eny amin'ny Antenimierampirenena na ny vaomieran'ny parlemanta.

**Andininy faha-15 :** Ny Solombavambahoaka dia mandà na, mamerina any amin'ny mpanome na manatitra any amin'ny Mpiandraikitra, rehefa avy naka avy hatrany ny hevity Mpiandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia, ny fanomezana rehetra , izay mety ho marika fandraisana mafana na tombontsoa rehetra na inona na inona lanjan'izany, ka mety hamilivily ny fahaleovantenan'ny fieritreretany eo amin'ny fanatanterahany ny andraikiny na mety hanapotika ny toetra vanona ananany na ny an'ny parlemanta. Mahazo fampahafantarana an-tsoratra ny Mpiandraikitra rehefa misy ny fandavana ny fandraisana tombontsoa toy izany.

Ny fepetran'ny andalana voalaza eo ambony dia tsy ampiharina amin'ny resaka fanomezana, mariky ny fandraisana mafana na tombontsoa hafa azon'ny Solombavambahoaka amin'ny fifandraisana mahakasika azy samirery.

Aterin'ny Mpiandraikitra any amin'ny Sekretera jeneralin'ilay Antenimierampirenena ireo fananana voarainy. Izy no miandraikitra izany amin'izay mampety azy, indrindra fa ny fanoratana izany eny anivon'ny Sampan-draharaha misahana ny fiandraiketana ny entana.

**Andininy faha-16:** Tsy maintsy anaovan'ny Solombavambahoaka fanambarana any amin'ny Mpiandraikitra ny etika izay fanomezana na tombontsoa mitovy na mihoatra ny 1.000.000 Ariary azony mifandraika amin'ny maha-olom-boafidy azy.

**Andininy faha-17:** Ny Solombavambahoaka dia manao fanambaràna any amin'ny Mpiandraikitra ny etika izay fanekena ny fanasana handeha avy amin'ny fikambanana na vatantenan'olona.Izany fanambarana izany dia tsy maintsy atao

alohan'ny handehanana ary tsy maitsy arahin'ny singan-taratasy manondro mazava ny fandaharana ny dia sy ny fombafomba famatsiana vola azy.

**Andininy faha-18:** Mahazo foana amin'ny tatintry ny iraka notontosain'ny Solombavambahoaka tany ivelany ny Mpandraikitra ny etika.

**LOHATENY IV**  
**NY AMIN'NY ENTI-MIHETSIKA AMIN'NY FAMPIHARANA**  
**SY NY FANARAHA-MASO**

**Toko voalohany: Fiandraiketana ny etika sy ny deôntôlôjia**

**Sokajy voalohany: Fanendrena sy andraikitra ary fandaminana**

**Andininy faha-19:** Ny Fiandraiketana ny etika sy ny deôntôlôjia dia rantsamangaika miandraikitra ny fitandroana ny fanarahana ny foto-kevitra etika sy ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity izay mitari-dalana ny fitondrantenan"ireo Solombavambahoaka.

**Andininy faha-20:** Ny Fiandraiketana dia ahitana:

- Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia iray;
- Sekretarià teknikan'ny etika sy ny deôntôlôjia iray.

**Andininy faha-21:** Apetraka farafahaelany enina (06 volana eo amin'ny fiandohan'ny fe-potoam-panaovan-dalàna ny Fiandraiketana ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-22 : Ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia dia ahitana:**

- Solombavambahoaka roa (02) isaky ny Vondrona parlementera misy ao anivon'ny Antenimierampirenena ka hita ao mandritra ny fe-potoam-panaovan-dalàna;
- ny Filohan'ny Antenimierampirenena, izay solo'in'ny mpikambana iray ao amin'ny Birao maharitra raha toa ka misy ilana izany;

Olona iray ihany no misolo ilay Vondrona parlementera niavian'ny Solombavambahoaka voaresaka eto.

Raha toa ka mitovy ny isam-bato dia izay iandanian'ny Filohan'ny Antenimierampirenena na izay misolo azy no lany.

**Andininy faha-23 :** Eny anivon'ny Vondrona misy azy ihany no fidina ireo solotenan'ny Vondrona parlementera tsirairay.

**Andininy faha-24 :** Fehezin'ny foto-kevitra etika sy maha-olom-banona ireo mpikambana ao amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-25:** Manana laharam-piamboniana mitovy amin'ny an'ny Filohanà Vaomiera ireo mpikambana ao amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-26:** Ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia no :

- mampanaja sy mampihatra ny Fehezan-dalàna momba ny etika sy ny deôntôlôjian'ny Antenimierampirenena;
- mampanao famotorana sy fanaraha-maso rehefa misy ny antony mitombina anaovana izany;
- manapa-kevitra ny amin'ny sazy hampiharina sy manatanteraka izany anatin'ny fanarahana ny rian-teny manan-kery;
- mampanao ny fandraisana olona ho mpikambana ao amin'ny Sekretarià momba ny etika sy ny deôntôlôjia;
- manao ny sori-dalana itondrana ny asan'ny Sekretarià momba ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-27 :** Ny Sekretaria momba ny etika dia ahitana:

- Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia iray;
- ireo mpanampy ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-28 :** Eo amin'ny fombafomba andraisana ny olona ho ao amin'ny Sekretarià momba ny etika sy ny deôntôlôjia dia misy ny antso hametraka filatsahana anatiny ho an'ny mpiasan'ny Antenimierampirenena ka ny mason-tsivana amin'izany dia ny maha-olom-banona, ny lafiny etika, ny fahaizana sy ny traikefa.

Rehefa vita ny fandraisana, dia didim-pitondrana avoakan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena no anendrena ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-29 :** Eo amin'ny firotsahana ho mpanampy ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia dia misy ny fanaovana antso hametraka filatsahana anatiny eo amin'ny mpiasan'ny Antenimierampirenena ka ny mason-tsivana amin'izany dia ny maha-olom-banona, ny lafiny etika, ny fahaizana sy ny traikefa.

Rehefa vita ny fandraisana, dia tendrena amin'ny fanapahan-kevitry ny Sekretera jeneran'ny Antenimierampirenena izay ho mpanampy ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-30 :** Ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia no :

- mandray ny fitarainana;
- mampita azy any amin'ny Komity;
- manao ny famotorana araka ny torolalan'ny Komity;
- manolo-tsaina, manampy ireo Solombavambahoaka, indrindra fa amin'ny fanehoan-kevitra, amin'ny fanaovana tari-dalana sy amin'ny fanofanana;
- mampahafantatra ny besinimaro ny fombafomba itondrana raharaha eo amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia sy ny dikan'izany mifandraika amin'ny andraikity ny Solombavambahoaka;
- mampahafantatra ny beseinimaro ny fombafomba fitondrana raharaha ao

amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia sy ny fampandehanan-draharahan'ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-31** : Eo amin'ny fanatanterahany ny asany, ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia dia manao famotorana, misoroka, mikajy ny tsiambaratelo, manana fihevitra mitombina ary tsy miandany.

**Andininy faha-32** : Manana laharam-piamboniana mitovy amin'ny Tale ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-33** : Atao araka izay voatondro ao amin'ny andininy faha-28 ny fanoloana azy raha toa izy ka noesorina tamin'ny toerany.

**Andininy faha-34** : Raha toa ka misy ny fitorohana ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia dia ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia no afaka mandinika sy manapaka ny maha-marim-pototra izany.

**Andininy faha-35** : Ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia dia afaka mampitsahatra azy amin'ny asany amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra fanesorana lanieran'ny rehetra.

**Andininy faha-36** : Voasoratra ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ny sorabolan'ny Fiandraiketana ny etika sy ny deôntôlôjia.

## Sokajy 2 : Fepetra ara-bola sy ara-pitantanan-draharaha

**Andininy faha-37** : Ny Sekreteran'ny etika sy ny deontôlôjia dia miankina amin'ny Sekretarià ankapoben'ny Antenimierampirenena.

**Andininy faha-38** : Mandefa ny tatitry ny asany any amin'ny Diniky ny Filoha ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia, eo amin'ny fikatonan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena misy ilay taom-pitantanana aratetibola.

## Toko 2: Famotorana sy tatitry ny Mpiandraikitra

**Andininy faha-39** : Ao amin'ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia no ametrahan'ny olom-pirenena ny fitarainana.

Azo atao ny mamotopotota ny Solombavambahoaka iray raha toa ka misy ny tsy fanarahana ny fepetran'ity Fehezan-dalàna ity.

Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia no mampita izany fitarainana izany any amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia.

**Andininy faha-40** : Ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia no manapaka ny amin'izay ho tohin'ny fitarainana.

Raha toa ka misy ny fanapahan-kevitra hanao ny famotorana dia mahazo ny dikany iray amin'ny fitarainana mahakasika azy ilay Solombavambahoaka ary

manomana ny fiarovan-tenany.

Rehefa voarainy ny fitarainana, ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia dia afaka manapa-kevitra tsy hanisy tohiny ny famotorana na hanome baiko ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia hanao ny famotorana.

Ampahafantarina foana ny fanapahan-kevitry ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia ny mpametraka fitarainana.

**Andininy faha-41** : Ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia no mampahafantatra ny tatity ny famotorana any amin'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia izay manapaka ny momba ilay Solombavambahoaka voatohintohina.

Afaka miaro ny tenany ilay Solombavambahoaka.

**Andininy faha-42** : Mianga avy amin'ny tatity ny famotorana nataon'ny Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia sy ny lafiny fiarovan-tena avy amin'ilay Solombavambahoaka voatohintohina no amoahan'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia ny fanapahan-keviny.

**Andininy faha-43** : Rehefa vita ny famotorana ataony dia apetraky ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia avy hatrany any amin'ny Diniky ny Filoha sy any amin'ilay Solombavambahoaka kendren'ny famotorana ary any amin'ny Filohan'ilay Vondrona parlemantera misy ilay Solombavambahoaka ny tatity ny famotorana iray milaza ny antony ifaharan'ny fehin-teniny sy ny torolalana ataony.

**Andininy faha-44** : Raha toa ka avoakan'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia amin'ny fehin-teniny fa nisy nandika ny sasantsasany ao amin'ity Fehezan-dalàna ity ilay Solombavambahoaka, dia ampihariny ny iray amin'ireto sazy manaraka ireto:

- ny fampitandremana am-bava;
- ny fananarana;
- ny famerenana ny fanomezana, ny mariky ny fandraisana mafana, ny tombontsoa azony ary ireo tombombarotra tsy arak any tokony ho izy azony any amin'ny Sekretera jeneralin'ny Antenimierampirenena;
- fampiatoana voafetram-potoana ny tambin-karama araka ny fanapahan-kevitry ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia.

### **Toko 3 : Fanehoan-kevitra sy torohevitra ary fanapahan-kevitry ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia**

**Andininy faha-45** : Raha toa misy Solombavambahoaka mangataka izany dia omen'ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia azy ny fanehoan-kevitra an-tsoratra sy arahin'ny antonantony, miampy ireo torolalana izay heveriny apetraka ho torohevitra, mahakasika ireo raharaha rehetra momba ny adidy aman'andraikitry Solombavambahoaka araka ity Fehezan-dalàna ity.

Ao anatin'ny roapolo andro aorian'ny fangatahan'ilay Solombavambahoaka no hanomezana ny fanehoan-kevitra raha tsy hoe nisy fe-potoana hafa nifanarahany sy ny Mpandraikitry ny etika sy ny deôntôlôjia.

Tsiambaratelo ny fanehoan-kevitry Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia ka tsy azo ampahafantarina ny besinimaro raha tsy avy amin'ilay Solombavambahoaka na nekeny an-tsortra.

Afaka mampanao famtorana ny Komitin'ny etika sy ny deontôlôjia alohan'ny hamoahany didy.

**Andininy faha-46** : Afaka mamoaka tari-dalana ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia mba hitarihana ireo Solombavambahoaka amin'ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy faha-47** : Ny Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia no manao ny hetsika fampahafantarana ny Solombavambahoaka sy ny besinimaro ny anjara toerany sy ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

### **Toko 5 : Fepetra samihafa**

**Andininy faha-48** : Azo hatsaraina araka ny toe-java-misy ity Fehezan-dalàna ity saingy mila latsabaton'ny Solombavambahoaka.

**Andininy faha-49** : Manan-kery izao Fehezan-dalàna izao rehefa lany.

**Andininy faha-50** : Hisy rijan-tenin-didy aman-dalàna hamaritana araka izay ilana azy ny fombafomba ampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

**Antananarivo, faha-04 novambra 2019**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

## TOVANA

### Fianianan'ny Mpiandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia

Izaho, (Anarana), dia mianiana fa hanatanteraka ao anatin'ny fandalana ny rariny sy amim-pahamarinana ny andraikitry ny Mpiandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia.

Ankoatra izany dia mianiana aho fa tsy hamboraka na hampahafantatra tsy nahazo alalana ara-dalàna, na inona na inona zava-pantatro teo amin'ny fanatanterahana ny andraikitro na noho izany andraikitro izany.

### Glossaire

<b>Français</b>	<b>Malagasy</b>
Attribution	Zara raharaha
Charge	Raharaha sahanina
Code d'éthique	Fehezan-dalàna momba ny etika
Code de déontologie	Fehezan-dalàna momba ny deôntôlôjia
Comité à l'éthique et à la déontologie	Komitin'ny etika sy ny deôntôlôjia
Commissaire à l'éthique et à la déontologie	Mpiandraikitra ny etika sy ny deôntôlôjia
compétence	Fahaizana
Comptabilité matière	Fiandraiketana ny entana
Confidentiel	Mifono tsiambaratelo
Conflit d'intérêt	Fifangoarana andraikitra
Crédible	Eken-teny
Fonction	Andraikitra
Honnête	Mandala ny rariny
Hospitalité	Fandraisana mafana
Incompatibilité	Tsy fahazoana mampirafy andraikitra, asa aman-draharaoha
Incompatible	Tsy azo ampirafesina, tsy afa-miaraka
Intègre	Olom-banona, mpandala ny rariny
Intégrité	Maha-olom-banona, fandalana ny rariny
Lignes directrices	Tari-dalana
Prévu	Voalaza, voarakitra
Principes éthiques	Toetra fototry ny etika
Recommandation	Torolalana
sanction	sazy
Secrétaire à l'éthique et à la déontologie	Sekreteran'ny etika sy ny deôntôlôjia
Textes réglementaires	Rijan-tenin-didy aman-dalàna
Titre	Taratasy fanekeha hametra-bola